

Monseigneur Benjamin Marc Ramaroson, c.m.
Archevêque d'Antsiranana
Administrateur Apostolique d'Ambanja
Tél : (261) 32 11 539 39
BP 415
5 Boulevard Le Myre de Villers
201 ANTSIRANANA
Madagascar
beramaroson@gmail.com



HO ANTSIKA EO VITA BATEMY REHETRA
PRETRA, VOATOKANA, LAHIKA: TOLAGNA
HOMBA ANTSIKA MIANAKAVY ANIE NY FIADANAN'NY TOMP
“TSY ISIKA FA NY FAHASOAVAN'ANDRIAMANITRA MIARAKA AMINTSIKA....”

Noho ianareo nandray ny teny tamin'ny fahoriana be (KORONTANAVIRUS) sy tamin'ny hafaliana avy amin'ny Fanahy Masina (PANTEKOTY VAOVAO), dia tonga nanahaka ny Tompo ianareo, ka tonga fakà-tahaka ho an'ny mpino rehetra...” (1Tes 1, 6)

Marina fa mbola nampitomboina 15 andro manaraka indray ny hamehana ara-pahasalamana nefa tsy afenina fa misy vokatry azo... Isaorana Andriamanitra...

ARAKA NY FANTATSIKA DIA MISOKATRA NY EGLIZY TRANO KA AFAKA MANKALAZA AN'ANDRIAMANITRA ISIKA FA INDRINDRA NY EOKARISTIA LOHARANO SY FOTOTRA NY FIAINANTSIKA.

AOKA SAMY HANAJA ARA-BAKITENY NY FEPETRA REHETRA ARA-PAHASALAMANA SY NY SAKANA REHETRA (MESURES BARRIERE) MBA TSY HAMPISY INDRAY IZAY METY FIPARITAHAN'NY VALAN'ARETINA....

Noho izany indrindra tsy mbola misy ny « VAVAKA FANDEVENANA – ABSOLUTE » atao an'ny deglize fa any an-tokantrano ary tanterahin'ireo prezidan'ny Eglizy fototra na katekista. Manantena isika fa hivaha tsy ho ela izany. Torak'izany koa ny sakramentan'ny konfesy sns...

Mitohy ny « ady » sy ny « dia »... « Ady » amin'ny ratsy ary anisan'ny ratsy ity KORONTANAVIRUS ity... « Dia » mankany amin'ny fiainana mitondra amin'ny-fivelaran'ny mahaolona manontolo sy ny olon-drehetra ao anatin'ny fifampitsimbinana, fifanasoavana ary ao anatin'ny fikatsahana ny Soa lombonana ao anatin'ny fahamarinana (Taratasy Pastôraly faha-8, sy annexe 3). Io no « POLITIKA LAVORARY » voalazan'i Papa ao amin'ny Ansiklika toko faha 5.

Matoky isika EO VITA fa efa nandresy i Kristy ary efa naleviny ao am-pasana ny ratsy ka nitsangan-ko velona Izy ary isika miaraka Aminy.

Noho izany hamafisintsika ny vavaka totoafo, « marathon de prières » iombonana amin'i Papa François amin'ny fanaovantsika ny Rozery Masina satria araka ny voalazan'i Papa Md Joany Paoly faha II : « mandalo amin'i Masina Maria ny fandresena farany... »

Miomana akaiky dia akaiky amin'ny Fankalazana ny Pantekoty isika. Nivory ireo Apôstoly, nivavaka niaraka tamin'i Masina Maria Reny sy ireo vehivavy sasany (Asa 1, 14) , ary nahazo ny Fanahy Masina izy rehetra ka nahazo hafatra sy iraka . “Ho aminareo ny fiadanana! Tahaka ny nanirahan'ny Raiko ahy ny anirahako anareo koa” (Jn 20, 21). Ilay NAVOZO, NATAHOTRA zary sahy tonga EOY MISIONERA TABERNAKLA VELONA... Teraka teo ny Eglizy « Reny sady Mpaminany no Mpampianatra ». Reny mikolokolo no mpampianatra tsy misorona manambara ny marina ho an'ny rehetra.... » satria i Jesoa no « lalana sy fahamarinana ary fiainana » ary « Izy tsy miova omaly ary anio »

Natokan'ny Papa Ray Masina ho taonan'i Masindahy Josefa ity taona ity. Izy ilay Ray Mpitaiza an'i Jesoa, lehilahy tia vavaka, lehilahy marina, olon'ny fahanginana sady olon'ny asa indrindra koa. Tonga mpiaro ny Eglizy manerantany izy ary modely ho antsika. Tsy havelantsika handalo fotsiny izao fotoana izao fa hararaotintsika hambolena ireo hatsaram-panahy tena kristianina hita tao aminy. Mila Ray mahatoky sy marina tahaka an'i Md Josefa izao vanimpotoana iainantsika izao.

Hiara- mitalaho ny herin'ny Fanahy Masina miaraka amin'i Masina Maria sy Md Josefa ary Olts Lucien Botovasoa isika hanampy antsika handresy tahaka an'i Kristy nitsangan-ko velona. Hiaraka hanao ny “hiaka” hoe : FANAHY MASINA AVIA MIDINA handrehitra ny fonay ilay afom-pitiavanao ka hanova anay ho APOSTOLY EOY MISIONERA TABERNAKLA VELONA. Poteho ho rava tanteraka ity KORONTANAVIRUS ity. Enga anie ho PANTEKOTY VAOVAO ka samy hanao “départ vaovao” vokatry ny fiovam-penitra mahery vaika ka samy hanana fiainam-baovao ao amin'i Kristy.

Mankahery sy mitsodrano anareo ity Mpanomponareo eo am-piatrehana izao fitsapana lalina mandalo amin'ny fiainantsika izao. Matokisa fa efa handresy i Kristy. Mivavahà koa ho ahy. Miezaka efa manao “Visite Pastorale” aho, mizara ny Sakramenta ny Fankaherezana ka ento am-bavaka.

Antsiranana faha-18 Mai 2021
+ Ny Mpanomponareo
Ramaroson Marc Benjamin, cm

*M. Benjamin
c.m.*

